


## 02 FEBROARY 2020NY NANOLORANA NY TOMPO 2024



### *Ankehitriny, ry Tompo, vao alefanao am-piadanana araka ny teninao ny mpanomponao, fa ny masoko nahita ny famonjena avy aminao*

Ry Kristianina havana, izao 02 febroary izao no ankalazantsika ny nanolorana ny Tompo tao an-tempoly izay antsointsika hoe fetin'ny Jiro masina. Fanamasinana ny jiro masina, izay mahatonga antsika rehefa manomboka ny Eokaristia manao procession mitondra ny jiro ao amin'ny Eglizy. Nefa tsara ny mampahatsiahy ary efa naverina matetika amintsika fa tsy manao "théâtre" na fampisehoana isika raha manao izany fihetsika izany fa litorjia, izany hoe asan'Andriamanitra ka mivelona izay ankalazaintsika isika. Tsy hoe mahatsiaro fotsiny fa noho ny asan'ny FANAHY MASINA ao amintsika dia sady mankalaza no mahatsiaro isika ka mivelona an'izay ankalazaina.

Androany dia mahatsiaro ny nanolorana ny Tompo tao an-tempoly isika, raha ny marina kokoa dia lzy no nanolotra ny tenany, lzy ilay fahazavana ka izany no mahatonga antsika androany maneho an'izany amin'ny alalan'ny fitondrana ny jiro miditra ao an-deglizy.

Tsara ihany koa ny mampisongadina fa mbola fisehoan'ny Tompo ny fankalazana anio satria ny jiro manilo ny fiainantsika dia I Jesoa.

**Raha azavaina fohifohy ny anton'izao fankalazana izao dia : Araka ny fampianarana ao amin'ny lalàn'i Moizy ao Levitika 12, 4, rehefa tera-dahy ny vehivavy iray dia midio mandritra ny 33 andro ka tsy mahazo miseho sy miditra**

**any an-toerana masina mandritra io fotoana io. Raha manisa isika dia ao anatin'ny fahataperan'ny andro fidiovan'i Maria taorian'ny niterahany an'i Jesoa isika izao raha araka ny lalàn'i Moizy voalazantsika io.**

Fanolorana ny Tompo tao an-tempoly noho lzy lehilahy voalohan-teraka ka atao hoe masina ho an'ny Tompo (*Eksaody 13,12-15*) : ho fahatsiarovana ny nanafahan'Andriamanitra ny vahoakan'Israely nandevozina tany Ejipta ka nandripahana ny lahimatea rehetra tao amin'ny Ejiptianina, na olona izany na biby fa namonjena kosa ny zanak'Israely. Ny voalohan-teraka amin'ny

Vakiteny I : **Malakia 3,1-4.**

Tononkira : Sal. 24

Heb 2, 14618

Evanjely : Lioka 2,22-40.

biby dia tsy maintsy vonoina atolotra ho an'ny Tompo, ny voalohan-teraka amin'ny olona kosa dia tsy vonoina fa avotana ka soloina biby : araka ny Evanjely teo dia voromailala na domohina roa no atolotra.

Fetin'ny jiro masina, fetin'ny fahazavana : i Kristy no « fahazavàna hanilo ny jentily » araka ny tenin'i Simeôna. Famantarana fotsiny araka izany ny jiro, eny fa na dia ampiasaintsika amin-javatra maro ka andraisana fitahiana noho ny finoana ananantsika aza, fa Izy Jesoa mihitsy no fahazavàna ilaintsika. Andron'ireo nanokan-tena amin'ny fomba manokana hiaina ny fahalavorariam-pitiavana araka ny nosoritan'ny Evanjely (Mt 19,25) koa ny andro androany. Andro natokana ho an'ny relijiozy izay miezaka hitovy amin'ny Jesoa natolotra ny Ray, manamasina ny tenany ho an'ny Tompo sy ho an'ny olombelona.

Isika koa avy nandray ny fahazavan'i Kristy tamin'ny Batemy dia zary fahazavana eo anivon'ny mpiara-belona ka mahatonga antsika ihany koa hanilo ny hafa tahaka an'i Kristy izay natolotra tao an-tempoly. Izay no mahatonga antsika ho EOY MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Henontsika i Simeona milaza ao amin'ny Evanjely fa izy Kristy no fahazavana ka izay mandray azy dia lasa fahazavana tokoa saingy zary fanafintohinana kosa ho an'izay tsy mandray azy. Ambarany amintsika ny tena dikan'izao zavatra izao, rehefa nahita maso an'i Jesoa sy nitroto azy teo antanany i Simeona dia nilaza fa io ilay fahazavana hanilo ny olona rehetra sady voninahitr'Andriamanitra : *"Ary nitso-drano azy ireo i Simeôna, ka nilaza tamin'i Maria Renin'ny Zaza hoe: "Indro ity Zaza ity no voatendry ho fandavoana sy ho fananganana ny maro amin'i Israely ary ho famantarana hotoherina, ary ny fanahinao aza hotanterahin-tsabatra mba hiseho ny hevitra ny fo maro."*

Ny ankalazaintsika androany 02 febroary àry dia i Jesoa manilo an'izao rehetra izao. Io no mahatonga antsika mamerimberina fa tsy maintsy mitoetra ao amin'i Kristy isika mba hamokatra ny fiainantsika. Izany no tonga antsika manatanteraka ny Kongresy Eokaristika mba hanampy antsika hanana fitiavana manokana (dévotion) ny Eokaristia ka hitoetra ao sy hanana fiainana eokaristika. Tsara koa ny manamarika fa tsy hanaiky ny itoerantsika ao amin'i ny Eokaristia ny ratsy fa hanao izay hanapotehina ny fiombonana amin'i Jesoa amin'ny alalan'ny Eokaristia mba tsy hitoerantsika amin'ny fahazavan'i Jesoa. Mila manao ezaka isika.

Noho izany aoka ho fola-kevitra isika fa tena modely ho antsika i Simeona sy Ana nanana faharetana nivavaka tao an-Tempoly. Afaka nandray ny fahazavana izy ireo satria olona mivavaka, olona miray fo tanteraka amin'Andriamanitra, tao amin'izy ireo ny Fanahy Masina ka afaka nandray an'i Jesoa ka nahita ny fahazavana izy ireo.

Ry Kristianina havana, tsy afaka handray ilay fahazavana isika raha tsy ny fonsika no miova, raha mbola "encombré" ny fonsika araka ny averimberintsika matetika. Mila fiovam-penitra mahery vaika isika raha te-hanao "départ vaovao" marina. Raha mbola ao anatin'ny fonsika ao ny fialonana, ny adiady, ny fitiavan-tena, ao anatintsika ao ny harena tsy izy satria ny harena tokana dia Andriamanitra, feno ny fonsika ka tsy misy toerana ho an'i Jesoa intsony, maizina isika ka tsy afaka handray azy.

Amin'izao fankalazana an'i Jesoa natolotra ao an-tempoly, ny marina kokoa dia izy nanolotra ny tenany amin'ny maha-Andriamanitra azy mba ho fahazavana ho antsika olombelona. I Jesoa dia olombelona feno tanteraka tokoa noho izy nanaiky ireo lalàna mametra azy amin'ny maha-olombelona azy satria araky ny lalan'i Moizy dia tsy maintsy atolotra ao an-tempoly ny zaza voalohany rehetra. Nanaiky an'izany izy, io no manambara fa olombelona izy ary ny maha-olombelona azy no nentiny namonjeny antsika. Nanaiky ho fahotana izy izay tsy manota mba hanafaka antsika amin'ny fahotana ka izany no fahazavana. Raha mandray azy isika dia afaka handeha amin'ny fahazavana. Izany no ambaran'ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'i Malakia

mpaminany : *"tonga ao an-tempoly ny Tompo tadiavinareo"*. Tanteraka ao amin'ny fiainantsika izany hafatra izany satria isika no tempolin'Andriamanitra, isika no Eglizy. Raha isika àry no mahatsapa fa Eglizy tokoa dia afaka mitondra an'ilay fahazavana eo amin'ny manodidina antsika izay ambaran'ny mpanoratra ny taratasy ho an'ny Hebrio : *"tsy maintsy mitovy amin'ny rahalahiny amin'ny zavatra rehetra izy, hamonjeny ireo rahalahiny"*. Nanaiky ho tonga olombelona i Jesoa mba ho fanilo sy fahazavana ary izany no fanavotana ho antsika. Raha miditra amin'ny fiainantsika tokoa i Jesoa dia hanavao ny fiainantsika izy ka hanavao ny fianakaviansika, ny fiaraha-monina misy antsika, ny tontolo manodidina antsika. Izany no tsy maintsy hanaovantsika "nouveau départ". Azo lazaina fa "nouveau départ" ihany koa ny zava-niseho tao an-tempoly tamin'ny fotoana iny.

Araka ny fantantsika dia nofidin'i Papa Md Jaony Paoly faha-2 ho andron' ny Voatokana androany, nofidiny izany mba hahafahana mivavaka ho azy ireo manokana sy handinihan'izy ireo koa fa famantaram-pitiavana izy ireo satria io fitiavana io no tena fahazavana. Matoa i Jesoa manolo-tena dia satria ao anatin'ny ny fitiavana, manolotra ny tenany koa ireo Voatokana natokana ho an'Andriamanitra tahaka an'i Jesoa mba ho famantarana ny fahazavana amin'ny alalan'ny fiainany manontolo fa nahafoy ho an'Andriamanitra izy ireo ka mahafoy, manompo ny olombelona. Maro ny zavatra mifamahofaho ka mila manana masontsivana isika ka enga anie ireo voatokana mba hahita sy hivelona marina ny vòkasiony araka ny vavaka ataontsika : Omeo relijiozy vonona sy mahafoy tena ny Eglizinao, ho vavolombelon'ny Fitiavanao, hatrany amin'ny faravazan-tany.

Ry Kristianina havana amin'izao fiatrehantsika ny Kongresy Eokaristika lombonan'ny Nosy KEN 2024 izao dia enga anie hahay hanararaotra isika handalina ny Eokaristia ka hitoetra ao amin'i Jesoa ka zary mpampihavana araka ny teny fanevan'ny Kongresy : **FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO... MPIRAY TAMPO IANAREO JIABY"**. Hitondra antsika ho Eglizy Olo velomin'ny Batemy miara-dalana mandray an-tanana ka zary Misionera Tabernakla velona raha ny lohahevitra ny Sinaody no raisina.

Mbola zazakely tokoa i Jesoa no natolotr'i Maria sy Jôsefa tany an-Tempoly, toy izany koa no ataonareo ray aman-dreny rehefa mitondra ny zanakareo atao Batemy. Adidy aman'andraikitra lehibe tsy maintsy tanterahina izany. Hitantsika eto fa tsy vitan'ny nanolotra fotsiny i Josefa sy Maria fa nanabe azy ao anatin'ny tontolo mikolokolo ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Tadidintsika araky nolazain'ny Evanjely fa isan-taona no mandeha manao pelerinajy any Jerosalema izy ireo. Mila tontolo mikolokolo ny fifandraisana ny zanatsika raha tiantsika hanana fivelarana marina.

Mitodika manokana amintsika ray aman-dreny mangataka batemy aho sy ireo manana zanaka hiroso amin'ny komonio voalohany. Aoka hanao tahaka an'i Masina Maria sy Md Josefa ianareo. Mila "accompagnement" fiarahan-dia ny zanatsika. Aza avela handeha irery ary izany indrindra no antony nampirisihina antsika hitondra azy ireo aty Diego amin'ny Kongresy Eokaristika mba hanao ny expérience nataon'i Jesoa ary nitoetra tao an-tempoly izy. Nitolagaga izy ireo nihaino azy. Enga anie ireo zanatsika hanao komonio voalohany aty Diego hanao izany expérience izany...

Raha ny tena marina, dia tsy hoe natolotra ihany i Jesoa fa azo lazaina hoe efa nanolo-tena ihany koa izy. Ny fiainany manontolo taty aoriana no manamarina izany. Amin'izao fankalazana izao àry dia andeha isika mianakavy efa vory saina, tanora sy olon-dehibe, hanolotra ny fiainantsika manontolo amin' Andriamanitra. Marina fa anio dia Andro maneran-tany ivavahana ho an'ireo ao anatin'ny Fanokanan-tena manokana; fa na izany aza dia isika vita Batemy rehetra mihitsy no efa natokan'Andriamanitra ho Azy, ary antsoina hatrany hanokan-tena sy hanolo-tena ho Azy sy ho an'ny namana. Ny hoe Kristianina araka ny efa fantantsika dia avy amin'i Kristy. Aoka isika àry hivelona izany anaran'izany dia ho tahaka an'i Simeona sy Ana nandray an'i Kristy an-kafaliana ary nanolotra Azy. Mandray Azy no ataontsika amin'ny Eokaristia, izy no fahazavana, isika koa manolotra ny tenantsika, manome ny tenantsika, izay midika fa mahafoy sy manompo an'ireo manodidina antsika, izany ny fiainan'ny Voatokana. Noho ny Batemy, hoy isika, dia voatokana isika

ka zary EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA. Izany rehetra izany no voafintina ao amin'ny Eokaristia ary asongadina manokana amin'ny Kongresy Eokaristika KEN 2024.

Ry Kristianina havana, aoka mba hivelona bebe kokoa an'izao andro lehibe izao isika, andron'ny jiro masina, antoky ny fahazavana dia i Kristy. Isika no jiro masina eo amin'ny mpiara-belona amintsika, hitondra ny fahamarinan'i Kristy isika, hampanjaka ny rariny sy hitsiny ao amin'i Kristy sy amin'ny alalany ary miaraka Aminy. Hivelona ny fitiavan'i Kristy ka ho mpampihavana isika amin'ny ataontsika rehetra satria ny fihavanana no manasitrana an'izao tontolo izao... Mpiray tam-po ianareo jiaby . Izany no tanjon'ny Kongresy Eokaristika omanintsika izao ka hitondra antsika hanao "départ vaovao" na eo anivon'ny fianakaviana "eglizy kely" na eo anivon'ny diosezy na eo anivon'ny firenena. Koa mba ho fahazavana tokoa anie isika hivelona ny maha-EOV MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA, ho fianakaviana, eglizy kely miara-mivavaka, mandalim-pinoana, miaro, miambina, mikolokolo ny zava-boary. Hiezaka hamboly hazo sy hiaro ny tontolo manodidina mba hanambarana fa famantaram-pamonjena tokoa ny fiainantsika manontolo. Masina Maria, Md Josefa mivavahà ho anay rehetra mba hivelona ny vôlekasiony ny tsirairay fa indrindra ireo voatokana amin'izao andro ahatsiarovana azy ireo izao, mivavahà ho an'ny fianakaviana mba ho "eglizy kely" tokoa satria ny fianakaviana no tanin-ketsan'ny vôlekasiona ary ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson